DR BARINIAINA FIDY

Mila tsinjovina ny fahasalamana mandritra sy ao aorian'ny fety

Miankina betsaka amin'ny zavatra ataon'ny olona mandritra ny fankalazana ny fetin'ny faran'ny taona sy ny fitsenana ny taombaovaovao, no hitohizan'ny fiainany hoy Dokotera (Dr) Bariniaina Fidy, tompon'andraikitra ao amin'ny « Clinic Fidy » etsy Ambatomainty sy Anjanahary. Nanohy fanazavana ity mpitsabo ity, fa tsy maintsy manonitra ny fihinanana sakafo be, ny fisotroan-toaka, ny fifohana sigara, ny tsy fahampian'ny torimaso, ny fandihizana ny vatan'ny olona iray aorian'ny fety. Nanamafy i Dr Bariniaina Fidy, fa mba hahazoana ny fahasalamana dia tokony hihinanana ny sakafo maivana ny olona iray aorian'ny niatrehana ny fety, ao anatin'izany ny fampihenana ny tahan'ny sakafo misy « Proteine » toy ny hena, atody, hazandrano … Ny fampihenana ny tahan'ny sakafo mitondra hery sy ny hafanana toy ny menaka; vary ; lafarinina ; haninkotrana… Nanamafy ny tompon'andraikitra ao amin'ny « Clinic Fidy », fa tokony hiala sasatra sy ampy torimaso ny vatan'ny olona iray aorian'ny fety ary tsy hatao ambanin-javatra ny fihinanana sakafo mitondra vitamina toy ny voankazo sy ny legioma isan-karazany. Nanohy fanazavana ity mpitsabo ity, fa ahena ny fampiasana ny vatana aorian' ny fety ary tokony hisotro rano madio mihoatra ny 1 litatra isan'andro ny olona iray, mba hiverenan'ny fandevonankanina ao anatin'ny vavony. Nampahatsiahy Dr Bariniaina Fidy, fa laharam-pahamehana ny fanarahana ny fepetra ara-pahasalamana, ho fisorohana ny fifindran'ny aretina Coronavirus mandritra ny fifampikasohana ao anatin'ny fetin'ny faran'ny taona sy ny taombaovao.

Dr Fidy Bariniaina.

Franck Razakambelo

Tontolon'ny fantanjahantena

Misaona amin'ny fiandohan'ny taona, nodimandry Veve Prince

Tao anatin'ny fankalazana ny 01 janoary 2023 dia efa misaona sahady ny tontolon'ny fanatanjahantena Malagasy. Nodimandry tamin'io alahady io tokoa teo amin'ny tsingerin-taona nahaterahany sy nahaterahan'ny zanany vavy voalohany ny namana mpikarakira vaovao ara-panatanjahantena sady mpikambana eo anivon'ny FMBB "Federation Malagasy de Basketball", Arivelo Hajaniaina Gianno na i Vévé Prince tamin'ny mpifanerasera taminy fony fahavelony. Fantatra ihany koa teo amin'ny fivoizana ny fikambanana "Terre en mêlée" misahana ny taranja rugby sy ny ny tetikasa «Jump » izay fifaninanana "tournoi de basket-ball inter-établissements scolaires" tamin'ny taona 19 90 tany ihany koa i Vévé Prince. Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao manontolo dia miombon'alahelo sy mampionona ihany koa ny ankohonany sy ny fianakaviany manotolo ary ny tontolon'ny fanatanjahantena Malagasy amin'ny ankapobeny.

Rainilita

Vévé Prince fony fahavelony.

Barea Chan 2022

Lasa any Tunisie tamin'ny alahady 01 janoary teo

Ny Barea Chan 2022 niainga teny Ivato tamin'ny alahady.

Lasa any Tunisie tamin'ny alahady 01 janoary alin'ny 01 janoary 2023 teo, hiatrika ny fanomanana sy ny lalao ara-pirahalahiana any an-toerana mialohan'ny hamonjena an'i Algérie izay hiatrehana ny CHAN 2023, ny Barea Chan Malagasy 2022. Lalao fanomanan-tena farany nataon'izy ireo teto an-tanindrazana, tamin'ny sabotsy 31 desambra 2022 teo, ho fanomanana hatrany an'io fifaninana CHAN Algérie 2023 io ny nikatrohany tamin'ny ekipan'ny Uscafoot teny amin'ny kianjan'Alarobia.

Rainilita

Judo sokajy Minime/Cadet/Junior/Senior

Fantatra avokoa ireo tompondaka 2022

Nifarana tamin'ny alakamisy 29 desambra 2022 tao amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano ny fifaninanana "Championnat de Madagascar 2022 de Judo" sokajy "Minimes", "Cadets", "Juniors" ary "Seniors", izay nandraisana mpikatroka nahatratra 250 avy amin'ny ligim-paritry ny judo miisa 7 anjara. Marihana fa tamin'ny talata 27 desambra lasa teo no nanomboka ity fifaninanampirenena eo amin'ny taranja Judo ity, ka nahitana ny hetsika "passage de grades" sy AGO an'ny FMJ sy ny fifaninanana tamin'ny ankapobeny. Ny fanolorana ny gradin'ireo afa-panadinana no natao teo anelanelan'ny fifaninana hoan'ny sokajy "Cadets" sy "Juniors" tamin'io fotona farany tamin'ny alakamisy 29 desambra io raha efa tontosa tamin'ny andron'ny alarobia kosa ny fifaninana hoan' ny sokajy "Minimes" sy "Séniors". Ny ekipan'ny St Michel Amparibe sy ny Esca Antanimena ary ny Judo Club CCS Tuléar no nitana ny laharana voalohany sy faharoa ary fahatelo tamin'ity fifaninanana ity izay samy nahazo avy (Volamena 9, Volafotsy 9, Alimo 6) hoan'ny ASM voalohany, (Volamena 9, Volafotsy 8, Alimo 6) hoan'ny ESC faharoa ary (Volamena 4, Volafotsy 2, Alimo 3) hoan'ny CCS faha-3. Ireto avy ireo tompondaka Minime/Cadet/Junior/Senior 2022 : -Tolotra Yvan (Asc), Heritovo (Jjt), Reno (Esc), Yakin (Red), Sanda (Asm), Lohan (Nja), Maharitra (Hak), Luciah (Csf), Anna (Jlp), Colline (Esc), Lindsey (Asc), Angelo (Cjc), Rina (Asm), Rayan (Esc), Fetra (Esc), Karamaly (Ccs), Lebrun (Ccs), André (Ccs), Emiliame (Fja), Fanjaniaina (Cjc), Narindra (Asm), Frédérica (Esc), Laura (Asm), Jocyah (Csf), Haingoniaina (Jci), Jules (Ccs), Stéphano (Asc), Emison (Fja), Mirado (Esc), Mandresy (Asm), Irintsoa (Asm), Manoa (Hak) Roumaica (Esc), Samantha (Asm), Angela (Jjt), Flavien (Red), Eduardo (Esc), Lova (Asm), Roberto (Esc), Michel (Usc), Emilame (Fja), Fanjaniaina (Cjc), Sarah (Jjt), Victoire (Fja), Laura (Asm), Jociah (Csf). Nahatratra 37 isa kosa ireo Judokas nahazo grady vaovao : 1er dan (13), 2è dan (7), 3è dan (14), 4è dana (1) ary 5 è dan (2).

"Championnat de Madagascar – decembre 2022".

Rainilita

Coupe des Sélections Régionales U19 lahy 2022

Niomankomana ihany koa Atsimo Andrefana sy V7V ary Amoron'i Mania

Anisan'ireo ligim-paritry ny baolina kitra nihomankomana fatratra tamin'iny fiaran'ny taona 2022 iny ny avy any Atsimo Andrefana, V7V ary Amoron'i Mania Hita eo amin'ny hiatrehana ny fifaninanana « Coupe des Sélections Régionales U19 - Garçons – 2022 » izay hanomboka amin'ny zoma 6 janoary 2023 ho avy izao ny dingana voalohany "Phase 1" amin'io fifaninanana io. Fandaharam-potoanan'ny dingana voalohany : Any Antalaha (Site 1) Sabotsy 7 janoary : 14:00-Sava # Diana, Alahady 8 janoary : 14:00-Diana # Sava. Any Port-Berger (Site 2) Zoma 6 janoary : 14:00-Boeny # Melaky, Sabotsy 7 janoary : 14:00-Sofia # Melaky, Alahady 8 janoary : 14:00-Sofia # Boeny. Any Tsiroanomandidy (Site 3) Zoma 6 janoary : Itasy # Betsiboka, Sabotsy 7 janoary : 14:00-Bongolava # Betsiboka, Alahady 8 janoary : 14:00-Bongolava # Itasy. Any Toamasina (Site 4) Zoma 6 janoary : Analanjirofo # Alarotra Mangoro, Sabotsy 7 janoary : 14:00-Atsinanana # Alarotra Mangoro, Alahady 8 janoary : 14:00-Atsinanana # Analanjirofo. Any Taolagnaro (Site) Sabotsy 7 janoary : 14:00-Anôsy # Androy, Alahady 8 janoary : 14:00-Androy # Anôsy. Any Ihosy (Site 6) Zoma 6 janoary : Atsimo Andrefana # Matsiatra Ambony, Sabotsy 7 janoary : 14:00-Ihorombe # Matsiatra Ambony, Alahady 8 janoary : 14:00-Ihorombe # Atsimo Andrefana. Any Antsirabe (Site 7) Zoma 6 janoary : Menabe # Analamanga, Sabotsy 7 janoary : 14:00-Vakiankaratra # Menabe, Alahady 8 janoary : 14:00-Vakinankaratra # Analamanga. Any Manakara (Site Zoma 6 janoary : Amoron'i Mania # Atsimo Atsinanana, Sabotsy 7 janoary : 14:00-V7V # Amoron'i Mania, Alahady 8 janoary : 14:00-V7V # Atsimo Atsinanana.

Rainilita

Fanomanana U19 tany Atsimo Andrefana.